

**Ny Minisitra MICHELLE Bavy Angelica**

Famporisihana ny vehivavy iavo-tena ka handray anjara amin'ny fampiroboroboana ny toe-karena sy varotra eo amin'ny firenena misy azy. Izay no anisan'ny antony nijoroan'ny tamba-jotra serasera 50 MFAP na ***«50 Millions des femmes Africain ont la parole»***. Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ny Zoma 09 Octobre 2020 teny amin'ny Novotel ao Alarobia Ankorondrano ny hetsika voalohany ho famporisihana ireo vehivavy iavo-tena.

Ka ny fisian'ity vovonan-tserasera ity no afahan'izy ireo mampiseho ny fahaiza-manaony sy fifanakalon-kevitra ary sehatra ara-barotra eo amin'ireo firenena mivondrona ao anatin'ny COMESA. Navoitra ny Minisitry ny Mponina sy ny Fiahiana ny ara-tsosialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy (MPPSPF), Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica, fa : « *Ity tetik'asa 50 Millions des femmes Africain ont la parole ity dia mifandrindra amin'ny politika ankapoben'ny fitondrana Malagasy izay ao anatin'ny velirano faha-7, dia ny fanampia-tosika ny fandraharahana Malagasy, ary indrindra fa ny tanora sy ny vehivavy. Natao ihany koa ho Sehatra entina hanampiana ny vehivavy ho tonga amin'ny fizakan-tena ara-toekarena amin'ny fomba moderna sy mivoatra kokoa ity sehatra ity*
».



Ao anatin'ity vovonan-tsesasera ity manomboka izao dia afaka misoratra anarana ireo vehivavy Malagasy. Ity ny adiresy mikasina izany :  [www.womenconnect.org](http://www.womenconnect.org)



Afaka mampiseho ny talenta sy ny fahaiza-manaony koa ao. Mivelatra kokoa izy ity satria ireo firenena mivondrona ao anatin'ny COMESA dia hifanerasera matetika amin'ny mpandraharaha vehivavy.




[illegible] ny




**Photos fournies** [illegible] anjara